

TAHIRY

SERASERAN'NY TAHIRIM - BOLAM - PANJAKANA

Bulletin mensuel d'information et de liaison de la Direction Générale du Trésor

Numéro 17



MARS
2012

Andao samy hiandraikitra ny toeram-piasantsika toy ny raim-pianakaviana filamatra

Ny hoe : « ray » dia mariky ny fiandohana, fototra niaviana, fototry ny famoronana. Raha raisintsika ohatra eo amin'ny lafiny ara-pivavahana dia « Ray » no entina iantsoana ilay Nahary izao tontolo izao. Torak'izany koa eo amin'ny sehatry ny fianakaviana satria ny loham-pianakaviana dia « ray » no ilazana azy. Eo amin'ny voary manodidina antsika dia ny masoandro no tondroina ho loharano nipoirana araka ilay fiteny hoe : « masoandro nipoirana ». Iaraha-mahalala ankoatra izany fa iray no tarehimarika voalohany eo amin'ny fanisana ; tokana moa indraindray no ilazana azy hiavahany amin'ny maro. Misy fomba fiteny anefa manao hoe : « izay iray asa, iray aina » ka aiza ho aiza azy ny andraikitra ny tsirairay avy ao anatin'ny toeram-piasany amin'ny fanatanterahana izany ?

Na izaho na ianao dia samy manana andraikitra amin'izay maha « ray » antsika izay, na any an-tokantrantsika io, na any amin'ny toeram-piasantsika. Ny fiainana mantsy dia tsy inona tsy akory fa fanehoana fitiavana (*la vie, c'est l'amour exprimé*). Iza no tsy mahalala izany isika rehetra rehefa misy hafaliana na fahavoazana ? Saingy hadinontsika ny fanehoana azy rehefa miverina amin'ilay fiainana andavanandro isika. Inona no antony ?

Satria izay toerana sy fotoana ahatsiarovantsika ny maha iray antsika ihany no anehoantsika fitiavana. Andao azy samy haneho izany maha iray antsika izany isika any amin'ny toeram-piasantsika tsirairay avy any ka ilay toetrantsika amin'ny maha raim-pianakaviana antsika no ataontsika filamatra hanatanterahana azy.

Raim-pianakaviana mandray andraikitra
Rehefa any an-tokantrano ny raim-pianakaviana dia mahasahy mandray andraikitra na amin'ny sehatra inona io na amin'ny sehatra inona. Miova anefa izany toe-tsaina izany rehefa any am-piasana izy satria heverin'ny maro an'isa fa ny tsy fihetsehana no azo antoka fa ny fandrosoana dia mampandry andrian'antsy. Ny fihetsiky ny mpiasa rehetra amin'ny ankapobeny dia manamarina izay

voalaza izay. Ny tahotra amin'ny fandraisana andraikitra matetika no mahatonga azy malaina miova asa. Na tiantsika anefa na tsy tiantsika dia tsy maintsy mitondra fanovana hatrany amin'ny fiainantsika ny manodidina antsika na dia malaina mandray andraikitra sy tsy mety miova amin'izay mahazatra antsika aza isika. Lalàna voajanahary izany : tsy maintsy mivoatra hatrany ny voary rehefa eto amin'ity tany ity.

Raim-pianakaviana tsy mila amphiarana fahefana

Sao heverintsika azy fa ny lehibe irery no manana fahefana. Ny tsirairay avy dia samy manana fahefana amin'izay andraikitra sahaniny, saingy misy ireo izay tsy mahay mampiasa izany. Raha samy manao ny asany na samy mandray ny andraikiny ao anaty fahatsiarovan-tena sy fahamendrehana araka izany ny tsirairay dia tsy mila baiko sy fanaraha-maso avy amin'ny lehibeny akory. Asa raha mandinika tsara ianareo fa misy mpiasa tsy mba voateny sy voara-maso izany. Tsy ilaina ny fahefan'ny lehibe raha mahay mampiasa ny fahefany ny mpiasa manoloana azy, ny fandrindrana fotsiny sisa andrasana aminy.

Raim-pianakaviana mahay manova toe-tsaina

Na tolontsika ny harena rehetra aza ny zanatsika kanefa tsy mendrika izany ny toe-tsaina dia ho lany sy simba fotsiny eo izay omentsika azy. Ny tena raim-pianakaviana dia mahafantatra tsara fa manaraka ho azy izay fananana ilainy rehefa tony sy milamina ny sainy, fa tsy ny toe-pananany tsy akory no ataony laharam-pahamehana sy antenainy hanova ny toe-tsainy mba hananany fahatoniana. Ny fananana mantsy no miteraka sy mampitombo ny tahotra sy tebiteby ; ireto farany ireto anefa no tokony hofehetizina. Izay no maha raim-pianakaviana antsika tsy itovizantsika amin'ireo tanora mbola mitady traikefa. Fantatsika ho azy any anatintsika any, rehefa mandroso ny taonantsika fa tsy ho zakantsika intsony ny miaina fahasambarana ao anaty tebiteby



(*le paradis dans l'enfer*) toy ny manala azy amin'ny zava-pisotra mahamamo izany, ohatra ; ka aleontsika misafidy ilay mangidy fa mamy ao afara (*l'enfer dans le paradis*) toy ny tsy fihinanana sakafo matsiro loatra mba ho salama lalandava.

Izay mahafehy ny tenany mantsy no mahafehy ny asany sy afaka mifehy ny manodidina azy. Izay tsy mahafehy ny tenany kosa tsy mahafehy ny fananany ary tsy mahafehy ny asany sy ny manodidina azy.

Sao manantena azy ianao fa ny fanaovana kolikoly no mamaha ny filana arabolanao ; vao mainka hampitombo ny olanao aza izany. Ny antony : voalohany, raha vao tsy voafehy ara-tsaina ny filana dia lasa miteraka filana hatrany (*l'état de besoin crée toujours le besoin*) ; faharoa, miteraka fahazaran-dratsy arahina tebiteby lalandava ny safidy narahinao, eny na dia azonao aza ilay vola tadiavinao (*l'état de besoin entretient d'une manière permanente le stress*) ; fahatelo, lasa kamo mampiasa ilay hery mamorona ao anatinao ianao (*le pouvoir créatif de votre pensée est mis en veilleuse*), fahaefatra, mifindra ho azy any amin'ny taranaka faramandimbinao izany toetranao izany ary ianao ihany no tsy hahazaka izany amin'ny farany ...

Koa manainga antsika, manainga anareo rehetra hiasa toy ny raim-pianakaviana mba halain'ireo zandrintsika any aoriana tahaka sy mba ho rehehan'ny firenena malagasy...

▲ Benjamin RAZAFIMANDROSO
Trésorier Général Toamasina

SOMMAIRE

Ny Trésor sy ny tantarany P.2

Tahirim-bolam-panjakana
Fambolen-kazo nombam-bady
aman-janaka P.2

CHRONIQUE
Vivement un changement
de mentalité ! P.3

KRAOMA
A qui profite le flou de la gestion ? P.7

VAHININTSIKA
Désiré RASIDY
Tale Jeneralin'ny JIRAMA P.8-9

Clôture de la célébration du 15ème
anniversaire de TIAVO P.9

Assemblée Générale Constitutive
de l'OTIV Boeny P.9

Tahirim-bolam-panjakana : Betsaka ny
trano simban'ny rivotsoza Giovanna P.10

Faritra Itasy sy Bongolava
Atrik'asa niarahana tamin'ny TG sy PP P.10

Les deniers publics ne doivent pas être
pris en otage P.13

Une ligne verte pour les CCAL P.13

Fanalamanga : Entre la peste
et le choléra P.13

Filan-kevitra ny Minisitra
Voatendry ireo tompon'andraikitra eto
amin'ny DGT P.14

Séance de travail MAE-DGT
Une grande première P.16

INVITÉ DE L'ÉCONOMIE

Abdelkrim BENDJEBBOUR
Représentant
Résident de la BAD P.11-12

Fitsidihana ny TG Tsiroanomandidy sy ny TG Miarinarivo

Pejy 15



Faites connaissance avec la Trésorerie Générale Toamasina

Pages 4-7



TSIAHY

Ny Trésor malagasy sy ny tantarany

Fizarana 18

Hotohizantsika ato anatin'ity TAHIRY 17 ity ny anjara asan'ny « Finances Extérieures » na ny FINEX. Io sampan-draharaha io no nisahana ny fandinihana ireo tetikasan'ny vahiny avy any ivelany izay nanampikasana nampiasa ny volany teto Madagasikara. Toy izany koa ny fanaraha-maso ireo Malagasy izay nampiasa ny volany any ivelany. Ny FINEX no nanara-maso ny volan'ny Malagasy izay nape-traka tamin'ny banky tany ivelany sy ny volan'ireo vahiny izay

notehiriziny tamin'ireo banky eto an-toerana. Ankoatra ny faminavinana ny vola ampiasaina handoavan'ny fanjakana malagasy vola tany ivelany dia andraikitra ny FINEX ihany koa ny fanarahana ny fivoaran'ny fifandanjany vola miditra sy mivoaka tamin'ny Fanjakana Malagasy sy ireo firenena tao anatin'ny « Zone Franc ». Marihina fa toy ny an'ireo firenena tao anatin'izany « Zone Franc » izany dia mbola niankina betsaka tamin'ny an'ny frantsay ny toekarena malagasy sy ny fifanaka-



Ireo mpiasan'ny FINEX taloha



Ireo mpitan-kaonty fahiny

lozana ara-bola nandritra ny Repoblika Voalohany. Ny FINEX no nandinika ireo olana momba ireo tranompianahana na ny « assurance » sy ny vola nindramina na ny « crédit » rehefa manafatra sy manondrana entana any ivelany.

Niankinan'ny toekarena tokoa ny asan'ny FINEX satria io sampan-draharaha io no nisahana ny fanaraha-maso ny fivoaran'ny tse-nan'ny fifanakalozana vola vahiny sy ny tse-nan'ny volamena ary ireo tsena hafa nifandray taminy (*marchés annexes*).

Nandritra ny taona 70 dia nihasarotra ny fitantanam-bola izay niankina be dia be tamin'ny toekarena. Nitombo isan-taona ny vola nilain'ny fanjakana malagasy kanefa dia voafetra ny noentimanana nandritra izany fotoana izany. Noho izany dia tsy afaka nijanona ho mpitahiry sy mpi-kirakira vola fotsiny ny Trésor fa voatery nandray anjara tamin'ny fitantanam-bola ary nisahana ny lafiny toekarena mihitsy aza.

▲ Nangonin'i Rivolala RANDRIANARIFIDY
Tahirin-tsary: ANTA

ACTUALITÉS

Tahirim-bolam-panjakana : Fambolen-kazo voalohany nombam-bady aman-janaka

Zanakazo 5 300 no novolen'ny mpiasan'ny Tahirim-bolam-panjakana nombam-bady aman-janaka mitontaly 1 200 teny Andranovelona, ny asabotsy 25 febroary 2012. Zanakazo « érable » no nosafidiana satria nahitana fahombiazana tokoa ary voaporofa fa 98%-n'ny hazo novolena tamin'ny taon-dasa dia naniry avokoa no sady maharo tsara ny nofon-tany sy mety amin'ny ta-

nintsika. Isan'ny antony nambole-na ity hazo ity koa ny hahafahana manodina azy hahazoana « sirop d'érable ».

Nisaotra noho ny fahavitrihan'ny mpiara-miasa rehetra sy ny vady aman-janany avy ny Tale Jeneralin'ny Tahirim-bolam-panjakana. « Manantena fa hitohy hatrany izao fahavitrihantsika sy firaisankinantsika izao satria adidy amin'ny firenena ny hetsika toy izao ary



Ireo mpiasa ombam-bady aman-janaka

manomboka izao dia iarahana amin'ny fianakaviana hatrany ny fambolena-kazo ato amin'ny Tahirim-bolam-panjakana », hoy ny Tale Jeneraly .

Ny solontenan'ny mpiasa dia nanolotra fisaorana sy fankasitrahana ny Tale Jeneraly tamin'ny fanohanana ity hetsika ity ary tsy nanadino ihany koa ireo mpiasa rehetra nandray anjara sy ny foko-

nolona teny an-toerana noho ny adidy goavana notanterahin'izy ireo.

Marihina fa an'ny MFB manokana io tany novolena io, ary misy mpiasa natokana hanara-maso ny eny an-toerana. Ny tarika Gothlieb sy Momota no nanafana ny fotoana, ka nifalihavanja ny ankizy.

▲ Jenny MAHAVINA
Tolotra RAOILIJON
Rivolala RANDRIANARIFIDY



Samy nanao izay ho afany ny rehetra

CHRONIQUE

Vivement un changement de mentalité !



Que ce soit au bureau, au marché, à l'église, au cours d'un débat ou lors d'une réunion, tout le monde se plaint de la mentalité actuelle des gens. Aussi, partout où l'on est-on ne parle-t-on que de changement de mentalité. La question se pose, est-ce que la mentalité d'une minorité peut s'imposer à celle de la majorité ou c'est celle de la majorité qui est suivie automatiquement par la minorité ? Si on a pu implanter telle ou telle mentalité, comment ne trouve-t-on pas les moyens de la changer ? Est-ce qu'il y a un groupe de personnes qui profite de cette situation ?

Si on se réfère aux révélations des précédents chroniqueurs dans ce magazine, force est de constater que les deniers publics sont tiraillés de part et d'autre par les conflits d'intérêts opposant l'Etat et ses administrés, qu'on se demande à la fin quand tout ce cauchemar qui envenime la vie de la Nation en général, et la caisse du Trésor, en particulier, va-t-il se terminer ?

En effet, soucieux de leur rôle en tant que gardiens de la caisse publique, les comptables du Trésor se doivent de veiller non seulement au respect des règles de la comptabilité publique, mais également à la gestion des deniers dont la garde leur est confiée, à l'instar d'un bon père de famille. C'est justement à ce titre que certaines pratiques, certaines mentalités qui ne visent qu'à soustraire, d'une manière ou d'une autre, l'argent du contribuable ont été, à plusieurs reprises dénoncées dans cette chronique. Citons entre autres l'émission par des personnes mal intentionnées de faux CCAL pour s'offrir de gains illégaux, la pression faite par certaines autorités pour se faire payer des dépenses illégales, l'octroi de diverses rémunérations et avantages par certaines responsables en dehors de la procédure normale prévue à cet effet, l'attribution de marchés publics par la pratique du clientélisme et du copinage,....

En dénonçant ces abus et irrégularités, l'objectif du Trésor Public est de rendre conscient tout un chacun de l'impact de tels agissements dans la vie de la Nation en général. Autrement dit, amener chaque citoyen à se rappeler que nous sommes liés les uns aux

autres par un seul sentiment, lequel anime et maintient la cohésion de l'ensemble: « le désir de vivre collectivement dans l'harmonie et la joie ».

Aussi, un nouveau cadre d'analyse est-il ouvert, dans le présent article pour parvenir au changement de mentalité tant souhaité par les uns et réclamé par les autres. En tout cas, l'important n'est pas de savoir de quelle mentalité il s'agit mais d'amener chacun à faire des réflexions.

Rassurez-vous, l'horizon à destination de laquelle je vais vous conduire, est à l'abri de tout risque car il dépasse la vision humaine limitée par la peur.

La dénonciation est-elle suffisante pour amener les gens vers un changement de mentalité ?

La dénonciation pourrait certes rendre conscients les auteurs des faits dénoncés mais conclure à l'avance qu'ils vont changer par la suite leur comportement ou leur mentalité, n'est pas évident. En effet, être conscient de tel ou tel comportement n'entraîne pas automatiquement la volonté et la capacité de changer le comportement ou la mentalité en question. Les alcooliques et les grands fumeurs pourront bien témoigner de ce qu'ils ont vécu en essayant de dépasser leur mauvaise habitude. La contrainte, qu'elle soit directe ou indirecte, n'est donc qu'un moyen parmi tant d'autres pour corriger les errements mais elle n'est pas suffisante car elle est limitée dès qu'on intègre les domaines touchant les sentiments, la conscience et la morale.

COMMENT FAIRE ALORS ?

On ne peut quand même pas rester les bras croisés devant une telle situation, éventuellement et surtout si les irrégularités persistent

Comme toute chose a toujours une source, puissions alors aux origines mêmes de tous ces maux et laissons de côté ce qui est superficiel, en surface comme le droit, l'économie, la sociologie, la politique.... En effet, nous avons toujours laissé jusqu'ici notre condition sociale et économique telle que la pauvreté, et l'état de besoin permanent en général, influencer notre mental et définir notre mentalité. Or, il est évident que nous ne pouvons pas disposer de notre être si nous admettons que c'est la condition sociale qui détermine notre nature, n'est-ce pas ? Est-ce que nous acceptons, en effet qu'une situation ou une condition initiée par notre entourage détermine notre mentalité ? En étant par exemple agressifs devant les gens dont la mentalité, en général ne reflète pas natu-

rellement le sentiment d'unité propre à tous les êtres humains, nous pensons que notre comportement est normal alors qu'instinctivement nous savons qu'il n'est pas naturel.

L'homme n'a ni la mentalité d'un loup ni celle d'un crabe,... en tout cas pas celle d'un animal !

Mettez des crabes dans une soubique ou un loup dans une ferme et vous verrez comment ils se comportent.

C'est pour montrer à chacun que nous ne sommes pas toujours obligés d'agir dans le sens de notre intérêt personnel et ce, au détriment de l'intérêt général. En effet, une demande, par exemple, ne doit pas toujours aboutir à une exigence ou une violence car si nous raisonnons en terme d'individu et non en terme de personne, il n'y a jamais de victime ni d'auteur, de gagnant ni de perdant ; dans ce cas il ne reste que ce qui est et ce qui devrait être. Autrement, nous nous acheminons vers la confirmation de ce qu'Hobbes voulait sous-entendre quand il disait que : « L'homme est un loup pour l'homme ».

Je crois, en tout cas que tout le monde est d'accord avec moi pour mettre fin à ce règne de l'instinct « bestial » qui nous sépare les uns des autres. Permettez-moi alors le cas échéant de vous livrer le secret d'un vrai combattant ; en effet, celui-ci après avoir subi plusieurs défaites après plusieurs combats aussi bien sur le plan physique que mental arrive à cette conclusion que : « Le vrai combattant est celui qui triomphe toujours sans combat ».

L'homme a-t-il perdu sa vraie valeur morale au point de choisir ce qui le sépare des autres au lieu de ce qui l'unit avec l'Univers ?

En fait nous ne pouvons vivre que sur la base de ce que nous connaissons. Or, à défaut de savoir sur l'individualité, l'homme ne s'est servi que de la personnalité. En effet, notre personnalité ne sait que « recevoir » ; donc, c'est normal que dans la plupart des cas quand elle s'exprime, elle nous pousse toujours à exiger, à demander. Savez-vous combien de fois dans une journée, nous hurlons, nous agressons quelqu'un ? Eh bien sachons qu'à chaque fois que nous agissons ainsi, c'est notre personnalité qui nous guide. Et ce n'est pas tout car elle est également très versatile : elle change souvent d'idée en fonction de notre intérêt personnel tandis qu'au contraire, notre individualité nous conseille souvent d'aider les autres, de vivre en harmonie avec notre entourage car l'important pour elle, c'est de donner.

Certains d'entre vous allez peut-être

dire que c'est trop beau pour être vrai, alors que d'autres au contraire vont réagir en disant que : ceux qui veulent être ruinés peuvent suivre cette voie mais en tout cas pas eux. Mais est-ce qu'on peut vivre dans la paix et l'harmonie si la personnalité n'est pas soumise à l'individualité ? En effet, non seulement l'homme fait partie de l'Univers mais il en est également la synthèse. Or, sachons qu'en limitant nos actions dans la défense de notre intérêt personnel à chaque fois que l'occasion se présente devant nous, nous limitons la force cosmique que les initiés appellent « force centripète ou héliocentrique », laquelle est destinée à satisfaire les besoins de l'Univers ; inversement, quand nous recevons quelque chose, nous nous servons de la force offerte par l'Univers appelée « force centrifuge ou égocentrique » pour diriger la force cosmique vers nous.

Comment voulez vous alors vivre équilibrés si les forces que vous avez utilisées ne l'ont pas été ?

Par conséquent, si nous voulons être centrés, aussi bien dans nos pensées, nos paroles que nos actions, agissons en harmonie avec l'Univers à travers les moyens d'action qu'il nous a offerts, entre autres : le pouvoir, le succès, le gain, le plaisir,... tel que Neale Donald Walsh l'a préconisé dans son livre : « Conversations avec Dieu, tome II », au lieu de les utiliser à tort et à travers. Donc, si nous choisissons le pouvoir, donnons-nous autant de pouvoir que nous le voulons, mais choisissons le pouvoir « avec » au lieu du pouvoir « sur » ; si nous choisissons le succès, ayons autant de succès que nous voulons mais ne choisissons pas le succès aux dépens des autres mais le succès comme moyen d'aider les autres ; si nous voulons du plaisir, donnons nous autant de plaisir que nous voulons mais dans le but de donner autant aux autres ; si nous voulons gagner toujours dans la vie, alors ramassons autant de gains que nous pouvons mais choisissons le gain qui ne coûte rien aux autres et même qui leur rapporte un gain complémentaire ; enfin si nous choisissons le sexe, choisissons le sexe autant que nous pouvons en vivre mais ne choisissons pas le sexe plutôt que l'amour, choisissons le seulement pour célébrer l'amour....

En espérant que l'article vous a réchauffé le cœur et ouvert l'esprit, permettez-moi alors de le terminer avec cette histoire d'amour,....

▲ Benjamin RAZAFIMANDROSO

GÉNÉRALITÉS

Faites connaissance avec la Trésorerie Générale Toamasina (TGT)

La Trésorerie Générale Toamasina (TGT), figure parmi les postes comptables supérieurs, assignataires du réseau du Trésor Public. Compte tenu de l'importance de ses opérations, elle est classée en deuxième catégorie. Ainsi, elle regroupe les mêmes divisions dévolues à toutes les Trésoreries Générales à savoir : (i) la Division de la Comptabilité ; (ii) la Division des Dépenses ; (iii) la Division des Recettes et des Régies Financières ; (iv) la Division de Transfert ; (v) la Division de la Centralisation des PP ; (vi) la Division de Compte de Gestion ; et (vii) la Division des Collectivités et Établissements Publics.

La TGT dispose de 42 agents et de 9 agents détachés. Malgré le renforcement numérique de l'effectif par le recrutement de nouveaux agents, le problème du vieillissement de son personnel demeure

toujours en suspens. En effet, 43 % des agents du Trésor ont un âge supérieur à 53 ans et 19 % vont partir à la retraite d'ici trois ans, comme le montre le tableau ci-dessous

REPARTITION PAR TRANCHE D'ÂGE

AGE	F	M	TOTAL
30 à 35	5	7	12
35 à 40	1	1	2
40 à 45	1	4	5
45 à 50	0	5	5
50 à 55	4	6	10
55 à 60	3	5	8
TOTAL	14	28	42

La TGT est implantée le long de l'Avenue de l'Indépendance entre le Bâtiment de la Banque Centrale et celui de la Région Atsinanana. Elle comprend un bâtiment principal servant de bureau et de logement ainsi qu'un bâtiment



La Trésorerie Générale Toamasina

annexe abritant à la fois le garage et le bureau du Service Transfert et Centralisation.

Quant au parc informatique et aux autres matériels, il importe de signaler l'évolution en courbe décroissante de la dotation et ce

malgré les efforts du Ministère et de la Direction Générale. Le poste dispose de 20 ordinateurs et de 9 imprimantes. En fait, seule la moitié de l'effectif dispose d'un poste de travail malgré le classement de la TG en tant que site pilote.

▲ Herinantenaina RATOVONDRAHONA

Division Collectivités et Établissements Publics

La TGT joue le rôle de comptable assignataire des recettes et des dépenses aussi

bien du budget de l'Etat que des budgets de la Commune Urbaine et de la Chambre de Commerce

de l'Industrie et de l'Artisanat de Toamasina. En outre, elle est également le comptable principal

de ces collectivités, donc assure à ce titre la production de leur compte de gestion.

Division Dépenses

La TGT participe à l'exécution du budget de l'Etat en encaissant les recettes et en payant les dépenses. En matière de dépenses, environ 135 Services Opérationnels d'Activités (SOA) existent dans la Région Atsinanana dont 43% sont issus du Ministère de l'Education Nationale et du Ministère de la Santé Publique, lesquels sont assignés à la TGT. Dans l'accomplissement des missions qui lui sont dévolues,

la TGT est tenue de faire le contrôle de régularité. Ainsi, à l'issue des différents contrôles effectués par les agents vérificateurs, deux alternatives se présentent : soit le dossier de mandatement est visé bon à payer, soit il est rejeté officiellement. Par ailleurs, dans le but d'améliorer la gestion des Finances Publiques, tous les problèmes, facteurs de blocage dans l'exécution du budget de l'Etat sont discutés au sein du Club



La Division Dépenses

Régional de Gestion des Finances Publiques, avant d'être transmis au

niveau central éventuellement si les blocages persistent.

▲ Jean Michel RABARY

GÉNÉRALITÉS

Division Comptabilité

La comptabilité est non seulement un outil de contrôle mais également un outil d'appréciation de la rentabilité du service concerné. En effet, elle retrace aussi bien les mouvements des comptes en terme de débit et de crédit que les variations enregistrées en terme de volume pour chaque compte.

Elle est donc suivie et contrôlée journalièrement avant de faire l'objet de consolidation dans une situa-

tion mensuelle et annuelle qu'on appelle « balance ».

L'établissement de la balance suit normalement le processus ci-après :

(i) le pointage des écritures par teneur de compte avant le 10 du mois concerné, (ii) la vérification des soldes anormaux et des contreparties des comptes, (iii) l'établissement des documents annexes de la Balance, (iv) la confection et édition de la Balance pour envoi.



La Division Comptabilité

Division Compte de Gestion

Pour les opérations du **Budget Général** de l'Etat, les principales attributions de la Division Compte de gestion sont (i) la centralisation des Pièces Justificatives à partir du 10 du mois suivant la fin du Trimestre sauf pour le dernier Trimestre de l'année, (ii) l'envoi des pièces justificatives à la Cour des Comptes à partir de la fin du mois suivant le trimestre concerné, (iii) la confection

des documents généraux à partir de la clôture de la gestion concernée et (iv) l'envoi du Compte de Gestion de l'année concernée à la DCP à partir de la date fixée par la Circulaire s'y rapportant. Pour les **Budgets des Collectivités et Établissements Publics**, la division se charge de l'envoi unique des PJ et des documents généraux à la Juridiction Compétente.



La Division Compte de Gestion

Division Recettes et Régies Financières

Elle assure la centralisation des comptabilités produites par les comptables des régies financières en leur qualité de comptable mandataire de la TGT et leur intégration dans les écritures de l'Etat.

Les autres recettes de l'Etat sont encaissées directement à la caisse de la TGT ou au guichet de la BCM pour les régisseurs de recettes.



La Division Recettes et Régies Financières

Division Centralisation des Perceptions

La Division Centralisation des Perceptions s'occupe de la couverture des comptabilités décadales émanant des Cinq Perceptions rattachées. Elle se charge aussi de l'exploitation des situations comptables transmises à son niveau pour alimenter les fonds de documents utilisés par la Cellule d'Inspection. Cette dernière assure la vérification deux fois par an de chaque PP.



Hangar d'attente pour pensionnés

Nota Bene

La TGT prévoit une organisation spéciale afin d'accueillir les 3 500 pensionnés pour le paiement des titres de pensions ; le jour de l'échéance. 70% des agents du Trésor sont affectés soit à la distribution des titres ou au guichet pour la saisie, soit à la caisse pour le paiement des titres de pension.

Par conséquent, s'il n'y a qu'un seul ou deux caissiers en période normale, le nombre de caisse et de guichet de saisie ouverts sont portés à cinq chacun, le jour du grand paiement. En général, 75% environ des pensionnés sont toujours servis le premier jour ■

GÉNÉRALITÉS

Le saviez-vous ?




Les Perceptions Principales rattachées

Les perceptions Principales rattachées à la TG sont au nombre de cinq. L'effectif des agents en service à leur niveau est en moyenne au nombre de 4 sauf pour Brickaville qui est au nombre de 7 et 3 pour Antanambao Manampotsy. En tout cas, cet effectif diminue au fur et à mesure qu'il y a des retraités ou décédés car ceux qui partent ne sont pas remplacés.

Les cinq Perceptions Principales de la Région Atsinanana sont toutes abritées dans le bâtiment du District de leur localité.

En matière de Budget général, les tâches quotidiennes de chaque Perception s'articulent, principalement, autour des paiements des titres de pensions et des bons de caisse salaire. Dernièrement, les bons de caisse des enseignants FRAM se sont ajoutés à la liste des paiements effectués. En moyenne, le nombre des titres de pensions payés par chaque poste tourne autour de 400 sauf pour Marolambo qui est de 140, tandis que les bons de caisse salaire sont entre 250 à 500.



▲ Herinantenaina
RATOVONDRAHONA

VOLUMES DES OPÉRATIONS

Le tableau ci-contre nous permet d'apprécier l'importance de la gestion de chaque perception en tant que comptable assignataire de la Commune de sa localité. Les recettes propres concernent les versements des régisseurs. Ce sont les recettes hors subventions et hors recettes perçues par les services des impôts :

POSTE	RUBRIQUE	2009	2010	2011
BRICKAVILLE	Dépenses	63,758	63,916	80,236
	Rec. Propres	11,064	18,147	13,300
VATOMANDRY	Dépenses	77,878	110,727	89,636
	Rec. Propres	43,065	40,243	43,081
MAHANORO	Dépenses	70,331	93,929	77,430
	Rec. Propres	18,765	16,644	26,280
MAROLAMBO	Dépenses	38,889	48,503	31,750
	Rec. Propres	2,156	0,474	2,452

Chiffres en Million d'Ariary

CONTACT TGT

Immeuble du Trésor,
Av. de l'Indépendance
Toamasina

Tél : 034 07 620 43
020 53 313 90

Les Perceptions principales rattachées en image



PP Marolambo



PP Brickaville



PP Antanambao Manampotsy



Le personnel de la PP Vatomandry



Le personnel de la PP Mahanoro

GÉNÉRALITÉS

Le saviez-vous ?



La centralisation des recettes fiscales et douanières

IMPORTANCE DES OPÉRATIONS D'IMPORTATION ET D'EXPORTATION À LA SPAT

La TGT tient un rôle important en matière des recettes de l'Etat du fait de l'existence dans la région Atsinanana, du premier Port de Madagascar: la Société du Port à Gestion Autonome de Toamasina (SPAT) par laquelle passent toutes les opérations d'importation et d'exportation par voie maritime.

En sus des marchandises générales, la SPAT s'occupe également des opérations de débarquement des produits pétroliers ainsi que de l'exportation des produits miniers d'Ambatovy, ce qui justifie l'importance des opérations des douanes locales, lesquelles sont d'ailleurs réparties en trois services différents.

RÉPARTITION DES SERVICES DES DOUANES

(i) La Recette des Douanes Tamatave-Port, pour les divers Droits et Taxes d'Importation (DTI) pour les marchandises en général ; (iii) la Recette des Douanes Tamatave-Pétrole, uniquement pour le dédouanement des produits

pétroliers transportés par les divers navires ; (iii) la Recette des Douanes Sherritt Betainomby, pour les opérations effectuées par le Projet Ambatovy.

Pour l'instant, ce sont les deux premières qui encaissent le volume le plus important de recettes. Néanmoins, la dernière commence plus ou moins timidement ses opérations depuis le démarrage des activités du projet sus-cité.

MODALITÉS DE PAIEMENT DES DROITS ET TAXES DOUANIÈRES

Tous les droits et taxes à l'importation dont la perception incombe aux Recettes des Douanes-Tamatave-Port sont versés pour leur montant total soit (i) directement à la TGT, (ii) directement à la Représentation Territoriale locale de la Banque Centrale de Madagascar pour le compte de la TG, (iii) par virement via Banques primaires avec obligation d'ouverture d'un compte bancaire pour la personne morale redevable. A



Vue aérienne du Port de Toamasina

cet effet, des sous comptes de la TG sont ouverts au nom des receveurs des régies auprès de la représentation de la BCM locale. Par contre, seule la Douane Tamatave Pétrole est autorisée à accepter le règlement des DTI par voie de Lettres de change ou Traités soumissionnés par les Sociétés pétrolières (TOTAL, JOVENNA, SHELL, GALANA).

AUTRES SERVICES FISCAUX RATTACHÉS À LA TGT

Outre ces trois régies des douanes, la TGT assure aussi la centralisation des comptabilités des autres régies d'administration financière :

SRE Atsinanana, Centre Fiscal Toamasina (éclaté récemment en CFA et CFB), Centres fiscaux de Brickaville-Vatomandry-Mahanoro, Domaines Toamasina et Vatomandry, Topographies Toamasina et Vatomandry.

Obligation de centralisation des comptabilités des régies à la TG : les Receveurs principaux de ces Régies ont pour obligation de faire parvenir auprès de la TGT d'une part un transfert journalier de trésorerie et, d'autre part, leurs comptabilités mensuelles accompagnées des ordres de recettes correspondants.

▲ Injona NOUVELAMI

ACTUALITÉS

KRAOMA : A qui profite le flou de la gestion ?

La KRAOMita MALagasy (KRAOMA), société dont l'Etat détient 97% des parts sociales, œuvre dans l'extraction, la concentration, la transformation ainsi que la vente de minerai de chrome. Sa production est dédiée à l'exportation. La KRAOMA faisait office de modèle tant sur l'essor de son activité que sur les dividendes qu'elle a reversés à l'Etat jusqu'en 2009. Elle figurait, ainsi, parmi les rares sociétés à succès totalement contrôlées par l'Etat.

L'année 2009 voit apparaître des dysfonctionnements au niveau de la société. La rupture du contrat du Directeur Général de l'époque, au mois d'août, laisse la place vacante jusqu'à aujourd'hui. Depuis, la fonction est assurée en intérim par le Président du Conseil d'Administration, et le litige qui

oppose l'ancien Directeur Général à la société se poursuit étant donné que l'affaire a été portée en justice. Par ailleurs, certains membres du Conseil d'Administration restent en attente de nomination par le Ministère de tutelle technique. En conséquence, le Conseil d'Administration de la société ne peut statuer sur les comptes des exercices 2009 et 2010, pire, il n'est même pas en mesure de convoquer une Assemblée Générale Ordinaire appelée à statuer sur ces comptes. Or, l'article 569 de la Loi N°2003-036 du 30 janvier 2004 exige que l'Assemblée Générale Ordinaire des actionnaires statue sur les comptes de la société dans les 6 mois suivant la clôture de l'exercice. D'après la même disposition législative, seule une décision de justice peut proroger ce délai. La situation de

la KRAOMA est par conséquent illégale et sa gestion totalement floue. En outre, le Commissaire aux Comptes, supposé informer les actionnaires sur le non respect du délai légal et à défaut convoquer une Assemblée Générale Ordinaire des actionnaires (article 534 de la Loi N°2003-036 du 30 janvier 2004) n'a pas réagi, et ce malgré une lettre du Ministre des Finances et du Budget dans ce sens.

Le Trésor Public attire l'attention du Ministère des Mines, tutelle technique, pour qu'il nomme dans les meilleurs délais ses représentants au sein du Conseil d'Administration de la KRAOMA. Il est à rappeler que cette nomination doit se faire par simple lettre et que, par conséquent, le décret se rapportant à la nomination précédente doit être abrogé. En effet, ni la loi,

ni les statuts de la KRAOMA ne prévoit la prise d'un décret pour la nomination des membres de son Conseil d'Administration. A ce titre, la Loi sur les sociétés commerciales mentionne que la nomination des membres du Conseil d'Administration des sociétés relève de la compétence de l'actionnaire, en conséquence attribution du Trésor Public et non des tutelles techniques dans le cas des entreprises à participation de l'Etat. Le Trésor Public revendique le retour à la normale de la situation de la KRAOMA et attend du Commissaire aux Comptes qu'il convoque une Assemblée Générale Ordinaire appelée à statuer sur les comptes des exercices 2009, 2010 et 2011.

▲ Tojo Hasina RAKOTOSALAMA

VAHININTSIKA

Désiré RASIDY

Tale Jeneralin'ny Jiro sy Rano MALagasy (JIRAMA)



Tsy azo nihodivirana intsony ny fiakaran'ny vidin-jiro sy rano satria mivarotra fatiantoka ny Jirama. Maro ny fanontaniana manitikitika ny mpanjifa koa hitondra fanazavana momba izany indrindra no nanasanay an'Atoa Désiré RASIDY, Tale Jeneralin'ny JIRAMA.

Gazety Tahiry: *Hiakatra firy marina ny vidin-jiro sy rano Atoa Tale Jeneraly?*

Amin'ny ankapobeny dia 18 % ny jiro raha 14 % ny rano. Notsinjoana manokana ary tsy voakasik'izany kosa ireo mpanjifa manana fihariana marefo (mahalany jiro latsaky ny 25 KWh sy rano latsaky ny 10 m³ isam-bolana). Noferana ho 11 % kosa ny fiakaran'ny ho an'ireo orinasa lehibe. Tsy mety amin'ny JIRAMA io fampiakarana io fa ireo no voafetra araka ny « Arrêté d'ajustement » manan-kery ary efa nifampidiniana tamin'ny Office de Régulation de l'Electricité (ORE).

GT: *Ahoana kosa ny fandanianareo eo amin'ny « charges variables » sy « charges structurelles »?*

Lany hividiana solika avokoa ny antasamanila (60 %-n'ny teti-bolan'ny JIRAMA). Rehefa tafidina any amin'ny 30 % any ho any izy io vao afaka miatrika ny adidy rehetra ny JIRAMA. Tsy latsaky ny 2.000 isam-bolana ny trano vaovao mangataka famatsiana jiro sy rano manerana ny Nosy, ny antasany amin'izany dia eto Antananarivo avokoa. Mba hanomezana fahafaham-po ny mpanjifa dia tokony hanampy milina famokarana sy tambajotra ny JIRAMA. Noho ny toe-javatra misy ankehitriny anefa dia taraike be ny fampiasam-bolan'ny JIRAMA ka tsy mbola tanteraka izany.

Ny « charges structurelles » toy ny karama, ny telefaonina, hofantrano, fiara... kosa dia tsy mandany ny volanay. Tsy maintsy mampiasa fiara marobe kosa ny JIRAMA mba hametahana sy hikojakojana ireo tariby sy fantsona manerana ny Nosy. Fehiny, amin'ny maha orinasam-panjakana azy dia tsy afaka miaingitraingitra izahay.

GT: *Tsy mba manana paikady ve ianareo hampihenana ny fandaniana solika ho 30 %?*

Tsy vitan'ny kajikajy madinidinika ny hahatongavana amin'izany. Ato ho ato izao dia hisy « audit » hanarahamaso ity solika ity. Hita taratra araka ny loharanom-baovao tonga eto aminay fa indrindray misy rano na solitany ny solika any amin'ny toby. Misy fitsitsiana vita amin'izany to-



Atoa Désiré RASIDY, Tale Jeneralin'ny JIRAMA

koa raha toa ka foana avokoa ireo mpamitapitaka.

Fanovana mahery vaika no tokony hatao eto amin'ny firenena raha te hampihena ny fandaniana solika. Anisan'izany ny firosoana amin'ny famatsiana herinaratra avy amin'ny rivotra (éolienne) araka ny fanambaran'ny filohan'ny Tetezamita. Mila raisina an-tandroka ity resaka angovo ity, karohina izay mora sy voafehintsika mba tsy hamoahana vola vahiny sy tsy hiankinana amin'ny hafa. Mila handraisana fanapahan-kevitra hentitra sy fanatanterahana matotra sy haingana izany. Mahavelom-panantenana fa efa miroso amin'izany ny mpitondra fanjakana.

GT: *Inona no mampitarazoka ny fampiasana ilay foibe « hydraulique » izay tetikasanareo hatry ny ela?*

Matoa tsy vita hatramin'izay izy io dia tsy mora ary ao ny sakana. Raha tsy misy barazy atao dia 1.000.000 dolara ny vidin'ny MegaWatt (tsy dia mifankaiza amin'ny vidin'ny motera « diesel »). Raha misy barazy dia mitentina 3.000.000 dolara ny MegaWatt. Mbola tena olana goavana anefa ny fitadiavana mpamatsy vola. Ireo mpampindram-bola ankoatra ny mpamatsy vola mahazatra dia tsy

manome mihoatra ny 10 taona. Tsy ho voaverintsika ao anatin'io fe-potoana io mihitsy izay vola nindramina. Any amin'ny 30 ka hatramin'ny 50 taona any no ilaintsika hamerenenana ny vola nindramina vao tafavoaka isika.

Ireo mpampindram-bola mahazatra indray dia mitaky fepetra maro, toy ny fitantanana mangarahara. Mialoha ny hanaovana tolo-bidy dia tsy maintsy manokana 2.000.000 dolara hatramin'ny 5.000.000 dolara hanaovana « études ».

Hita taratra tato ho ato kosa fa misy banky sy mpandraharaha eto antoerana efa mifanatona, mitady hevitra hampahomby ny findramam-bola amin'ny mpamatsy vola ivelany.

GT: *Mety hampihena ny delestazy ve ny fanondrontana ny vidin-jiro, tsy mila fanampiana intsony ve ianareo?*

Ny delestazy dia vokatra ny tsy fahampiana eo amin'ny fitaovam-pamokarana ary miankina amin'ny toe-bola. Rehefa mihatsara ny toe-bola dia mety hisy ny fampitaovana, ho vita tsaratsara kokoa ny fikojakojana ka hihena ny delestazy. Faritra roa any Nosy Be (fiaraha-miasa amin'ny PIC) sy any Antsiranana sisa no mbola sahirana amin'ny delestazy.

Mamaha olana io fanondrotana io saingy tsy ho foana tanteraka akory ny fahatapahana noho ny antony samihafa. Araka ny kajy natao dia mbola ambany noho ny vidin-jiro tamin'ny taona 2009 io fampiakarana io.

GT: *Mety ho tratanareo amin'izay ve ny fahombiazana ara-bolan'ny JIRAMA teo aloha?*

Nanana ambim-bola tokoa ny JIRAMA teo aloha noho ny fampiakarana vidin-jiro. Tsy maintsy nampiasaina izy io, anisan'izany ny nanitarana sy nanatevenana ny fotodrafitrasa, nanalefahana ny tsy fampiakarana vidin-jiro... Betsaka io ambim-bolan'ny JIRAMA io raha notahirizina tamin'ny Banky, kely kosa raha nampiasaina.

Tsy hametraka ambim-bava tahaka izany no tanjon'ny JIRAMA amin'izao fotoana izao. Mahafaly kosa ny fifanomezan-tanana, fitadiavana paikady hivoahana amin'ny fahasahiranana toy ny nataon'ny Ministeran'ny Fitantanambola sy ny Teti-bola sy ny Tahirimbolam-panjakana. Zava-dehibe koa ny fanitarana tsikelikely ny orinasa arakaraka ny vola miditra ao amin'ny JIRAMA.

GT: *Ny sasany tamin'ny « groupes » lehibe nofainareo dia tsy vaovao, hany ka simba matetika izy ireny, kanefa vola be no natokana hanofana azy. Manao ahoana ny fahamarinan'izany?*

Zavatra manahirana ny resaka mikasika ireo « groupes » tsy vaovao ireo. Tany am-piandohana, ny lalàna mifehy ny famokarana herinaratra dia tokana: rehefa tonga ny mpamokatra tsy miankina dia ny KWh no vidina aminy fa tsy noraharahaina na vaovao na tonta ny « groupe ». Raha tsiahivina dia nanomboka ny taona 2002 ity fampianofana « groupe » ity. Nalefa nodinihin'ny Filan-kevitra ny Minisitry ny volavolan-didim-panjakana tokony hifehy azy. Tsy nahazo « concession » fa nasaina nifanaraka tamin'ny JIRAMA ny mpandraharaha. Tsy narahina akory ny lalàna momba ny fakana « concession » tamin'izany. Nazava kosa ny fandaharan'asany, ny tolobidiny, ny vidia nan'ny JIRAMA ny jiro vokarin'ny satria varotra no natao. Nitatra sy nitohy am-polo taonany taty aoriana ny tsy

VAHININTSIKA

fanarahan-dalàna. Lasa tsy « accessible » intsony ny « business plan », tsy nisy ny mangarahara.

Ankehitriny kosa dia tokony horaisina ny andraikitra ka haverina ho ara-dalàna ny zavatra atao. Tokony hiverina haka « concession » izay hamokatra herinaratra, mila fantatra mialoha ny vidin'ny KWh ary laniana amin'ny fivoriana ny Filan-kevitra ny Minisitry. Tokony hifandinihana amin'ny fanjakana ny famerana ny vidin'ny jiro noho ny fahasahiranana eto amin'ny firenena, mba hahafahana mameno ny banga. Efa manao ny ezaka fandresen-dahatra ireo rehetra voakasik'izany ny JIRAMA amin'izao fotoana izao. Tsy maintsy averina ao anatin'ny ara-dalàna izay rehetra te-hiditra amin'io raharaha io. Tokony ho zavatra mazava no atao mba hialana amin'ny fanofana zavatra lafo sy tsy tomombana.

GT : Tsy mifanaraka amin'ny orinasa ara-barotra ary manjavo-

zavo ny sata mifehy ny JIRAMA ankehitriny. Misy fiantraikany amin'ny fahasahiranana izany kanefa mety amin'ny fomba fitantanana ve ?

Tsy manjavozavo fa tsy mifanaraka amin'ny toetrandro ny sata mifehy ny JIRAMA ankehitriny. Ny taona 1975 no nananganana ny JIRAMA. Natambatra ho orinasam-panjakana ny mpamokatra jiro sy rano rehetra araka ny didy hitsivolana 75-032, ny taona 1975.

Ny taona 1995 dia efa hita taratra fa tsy nanaraka ny toetrandro intsony io sata mifehy io satria efa niditra tamin'ny fanalalahana ara-toekarena isika. Tsy afaka nanao na inona na inona, tsy afaka nitrosa any ivelany ny JIRAMA. Fepetra efa notakian'ny mpamatsy vola koa ny hanovana izany. Ny taona 1998 dia nisy ny lalàna 98-032 nanova ny rafitra sy manome fahalalahana ho an'ny famokarana

jiro sy rano. Tamin'izany fotoana izany dia tokony ho efa niova ho vaovao io sata mifehy io. Nananosarotra anefa ny fanovana azy io ka tsy voavoa hatramin'izao. Misy zavatra tsy maintsy alamina foana satria misy ny filan-kevitantanana, manampy azy eo ny Tale Jeneraly, misy koa ny ministera mpiahy izay efa mizara roa amin'izao fotoana izao ary ny « Office de Regulation ». Samy manana ny andraikiny tsirairay avy izy ireo ary mazava tsara izany, kanefa mety misy manjavozavo indraindray. Anisan'ny zavatra tokony hatao ny fanovana io sata mifehy io hifanaraka amin'ny zava-misy amin'izao fotoana izao. Tsy misy ny vahaolana efa vonona fa tokony hosokafana ny adiehevitra. Tokony hifantoka tanteraka amin'ny lafiny teknika fa tsy ny ara-tsosialy ihany mba hahasoa ny orinasa. Tokony tsy hisy olana ara-bola satria ny

hahasoa ny orinasa no jerena. Ny hahatongavana amin'izany no ilana fandinihana matotra.

GT : Ny hafatrao fohy ho an'ny mpanjifa

Anisan'ny mambotry ny orinasa ny halatra jiro. Tsikaritrany izany ary vitavita ho azy io hatramin'izay kanefa tsarovy fa tsy ho ela intsony dia ho tratra daholo izay voakasik'izany. Entanina ny mpanjifa sisa mba samy handray ny tandrify azy amin'ny famongorana ireny sokajin'olona ireny. Izay mahita halatra ka tsy miteny dia manaiky handoa ny tambin'ny angalarin'ny hafa. Entanina koa ny mpanjifa hanao fitsitsiana amin'ny rano sy ny herinaratra satria anisan'ny mahalafo ny vola aloa izany.

CONTACT JIRAMA

dg-dptcom@jirama.mg
Tél : 020 22 212 51020 22 200 31

